ROHY

Rindran'ny Olompirenena
Hiarovana ny Iaraha-manana

***Hanana fahasahiana ara-pôlitika hampihatra haitondra mahomby ve ny fitondrampanjakàna eo anatrehan'ny fahamehana ara-pahasalamana sy ny ady atao amin'ny COVID-19?***

***Fangaharahana, tamberin'andraikitra, fitandremana amin'ny kolikoly, fiaraha-mikaondoha sy fandraisan'anjaran'ny olompirenena eny ifotony.***

## Ny krizy ara-pahasamàna dia mitaky fahaiza-mitarika sy fandrindràna eo anivon'ny Ministeran'ny Fahasalamàna ary ny laharampahamehan'ny fampiasam-bola dia ny fanatsaràna ny rafi-pahasalamana.

Ny tena mahamaika voalohany indrindra amin'izao krizy ara-pahasalamàna izao dia ny fiarovana ny aim-bahoaka. Ireo tondro isan-karazany mikasika ny valan'aretina (ny isan'ny voa, isan'ny marary, trangam-pahafatesana, sns..) ary ny isan'ny olona natao fitiliana[1] dia manampy ny fitonian-tsaina. Fa izany koa dia manambara fa ny ezaka sy ny entimanana ampiasaina dia tokony hifantoka betsaka amin'ny fanamafisana ny rafi-pahasalamana amin'ny alalan'ny fampitomboina ny fitaovana sy ny fahaiza-manaontsika hanao ny fitiliana maro, ny fandraisana an-tanana ny marary ary koa ny fanomezana tambin-kasasarana tsara sy fiarovana ny mpiasan'ny fahasalamàna. Ny sampandraharaha sy ny rafipanjakàna rehetra toy mpitandro ny filaminana, sy ny serasera ary ny fiadidiana ny repoblika dia tsy maintsy mandray anjara sy mifampirindra amin'ny ady fa ny fitarihana sy ny fandrindràna ankapobeny dia tokony hitoetra ao amin'ny Ministeran'ny Fahasalamàna izay misy ny matihanina mahakasika izany. Araka izany dia laharampamehana ny fametrahana rafitra ahafahan'ny manampahaizana manokana maro lafy miara-miasa ka hamolavola sy hanao vinavina ny mety ho fivoaran'ny tranga mahakasika ity valan'aretina ity ary manolotra vaha olana mifanaraka amin'izany hialàna amin'ny fanapahan-kevitra tsy voahevitra sy raisina an-kamehana.

## Fangaharahana, fizaràna ho an'ny besinimaro antontam-baovao feno sy marina mikasika ny fitantanam-bola mifandraika amin'ny COVID-19

Tsy maintsy entitra ny fampiharana ny mangarahara sy ny tamberinandraikitra mba hampitony ny saim-bahoaka izay manahy ary efa tena sarotiny ankehitriny manoloana ny fanamby iadiana amin'ny valan'aretina. Ny ROHY dia mankasitraka ny fanehoan'ny fitondrampanjakàna ny vola voarainy ary mandrisika ny fitohizan'izany. Mampahatsiahy fa ny fandraisana fanapahan-kevitra na anaty fahamehana aza dia tokony ho matortra ary mifanaraka amin'ny fepetra hatrany. Noho izany, manao sosonkevitra ny ROHY mba:

- Hatao anaty kitapom-bola tokana ny famatsiam-bola azo mba hanamora ny fampiasana azy ary koa ny fanjohina sy fandinihana ny fitantanana ankehitriny sy aoriana.
- Halamina sy hampifanarahana araky ny lalàna ireo fanapahan-kevitra raisina an-kamehana ankehitriny.
- Haseho ampahibemaso sy aparitaka ny drafitra fandaharan'asa enti-miady amin'ny COVID-19, ny tetibola ary ny vola voaray isaky ny mpamatsy, ny nampiasàna ny vola, ny fomba nanomezana ny tsenan'asam-panjakana ary ny fanatanterahana (toerana/antony) nampiasana ny vola eny ifotony.

## Fampiharana sy fahitsiana mahakasika ny fandraisana an-tanana sy fitsinjovana ara-tsôsialy ireo marefo.

Tsy azo hivalozana ny maha-laharampahamehana ny fandraisana an-tanana sy fitsinjovana ara-tsôsialy ireo marefo. Mba hialàna amin'ny tsy rariny toy ny fiangarana, ny fanodikodinam-bola sy ny kolikoly dia tokony harindra tsara ny fitiliana sy ny fanoratana ny anaran'ireo misitraka ny vola sy fizaràna ny fanampiana sy ny sakafo amin'ny fotoana hamehana tahaka izao. Ankoatry ny BNGRC dia ilaina araka izany ny fiaraha-miasa amin'ireo fikambanana Malagasy na vahiny efa manana traik'efa amin'izany tahaka ny SAF/FJKM, ny SMT/FLM, ets...Atao mangarahara sy ny anaovana tatitra amin'ny sarababembahoaka ny antontambaovao sy ny fomba fiasa ary ilaina apetraka ny fanarahamaso ataon'ny olompirenena sy ny firaisamonimpirenena isan'ambaratongany, manomboka amin'ny fanomezana ny tsenan'asam-panjakana aty amin'ny sehatra nasionaly ka hatrany any amin'ny soritr'asan'ny LOHARANO eny anivon' ny fokontany.

## Fikaonandoha mampandray anjara ny rehetra mahakasika ny fandraisana fanapahankevitra (fanohizana ny fihibohana na ny fialàna miandalana amin'ny fihibohana)

Hatreto aloha dia niainga tamina fanapahankevitra lojika sy mitombina ny fihibohana. Saingy ny fampiharana azy no fanamby lehibe teo amin'ny governemanta sy ny mpitandro ny filaminana. Tsy mba afaka nanaraka izany ara-bakiteny ny vahoaka tsy mandady harona satria ny fiainany dia miankina tanteraka amin'ny asa

---

[1] Tondro navoakan'ny Institut Pasteur de Madagascar izay tokony ihany koa avoaka isan'andro toy ireo tondro sy antontam-pahalalana hafa.

amandraharaha ataony isan'andro. Ny traikefa erantany koa anefa dia maneho fa mbola sarotra noho izany koa ny mitantana ny fialàna amin'ny fihibohana. Araka izany, ny ROHY dia manentana ny fananganana Vaomierampirenena marolafy (Governemanta, VIP, Parlemanta, Firaisamonimpirenena, sehatra tsy miankina) tohanan'ny vondrona iraisampirenena hidinika momba ny fanohizana ny fihibohana sy ny fiomanana mialoha sahady amin'ny fialàna miandalana amin'ny fihibohana.

### Serasera voakajy sy mifandraika amin'ny zava-misy

Ny serasera sy fampitambaovao ataon'ny mpitondra hatramizao dia toa mirona amin'ny fampitoniana ny olona ary ny filazana fa tsisy ahiana fa voafehy tanteraka ny zava-misy ary koa manana ny enti-miatrika iadiana amin'ny valan'aretina isika. Isan'ny antony tsy mampahomby ny fametrahana ny fihibohana izany. Mamporisika ny Governemanta ny ROHY mba hatodika bebe kokoa amin'izay amin'ny fampahalalana marina ny mety ho voka-dratsin'ny aretina sy ny maha-zava-déhibe ny fanarahana an-tsakany sy an-davany ny fepetra fihibohana sy ny fiarovana ny serasera sy ny fampahalalam-baovao.

### Fahalalahan'ny fanehoan-kevitra sy ny asa fanaovan-gazety mba hahazoan'ny rehetra vaovao maripototra sy marolafy.

Ao anatin'ny fahamehana ara-pasalamana sy ny fitaintainana ateraky ny COVID-19 no tena ilàn'ny mponina loharanom-baovao sy fanehoan-kevitra marolafy, na dia tsy voatery mitovy aza. Noho izany, ho fanajana ny olom-pirenena izay miantoka azy ireo amin'ny alalan'ny fandoavana hetra, dia tokony hisokatra amin'ny adihevitra demokratika sy ny hetsika rehetra ny haino aman-jerimpanjakana fa tsy mampanjaka ny hevitra tokana. Aoka hajanona ny fandraisana ny malagasy ho toy ny zaza fa aleo isika hatoky ny fahaizan'izy ireo manavaka ny vaovao marina na miainga amin'ny faminaniana izany na miainga amin'ny fandraisan'izy ireo ny zavatra iainany andavanandro. Raha te hametraka marina ny "firaisampirenena" ao anatin'ity tolona ity ny fitondram-panjakana dia tokony hanajanona ny fanagejana ny fahalalahan'ny fanehoan-kevitra sy ny asa fanaovan-gazety toy ny fanagadrana sy/na fitanana vonjimaika ireo mpanao gazety na olon-tsotra maneho hevitra, na dia izay fanakianana mavaivay indrindra aza.

### Fitsinjaram-pahefana, fizakan-tena bebe kokoa eo amin'ny fanapahan-kevitra sy fahafahana mihetsika ho an'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana

Ny fihibohana ihany koa dia vao maika mametra ny fivezivezena ary tena ilaina ny fandraisana fanapahankevitra sy fandraisana andraikitra eny ifotony. Deraina amin'izany ny fanapahankevitra hampandray andraikitra ny fiarahamonina amin'ny alalan'ny Loharano. Na izany aza anefa dia tokony havoitra ireo hetsika sy zava-bita efa mandaitra eny anivon'ny fokontany toy ny Rafitra fikaonan-doha anivon'ny kaominina (SLC) ary ny komitin'ny Fahasalamana iftony isan'ambaratongany (COSAN, COGE, CCDS). Aoka mba tsy hoe teny midina sy tery vaimanta ary kiantranoantrano indray ny fomba fisafidianana ny mpikatroka sy ny fametrahana ny fomba fiasa ao anatin'ny Loharano. Tokony haneho marina ny fandraisan'ny fiarahamonina eny ifotony andraikitra miaraka izy io ka ao anatin'izany no hanomezana an'ireo olom-boafidy sy tompon'andraikitra samihafa eny an-toerana fahefana manapaka hevitra sy fitaovana ary enti-manana hahafahan'izy ireo mihetsika ary maneho ny maha-mpitarika ny faritra iadidiany sy maha-tompon'andraikitra voalohany azy amin'ny famaliana ny filan'ny mponina. Ireo andrim-panjakana mpanara-maso kosa (Prefektora, Lehiben'ny Distrika, Solombavambahoaja, sns.) dia tokony hijanona amin'ny andraikiny manara-maso.

### Firaisankina sy hambompom-pirenena

Ny fotoan-tsarotra toy izao dia fotoana anehoana ny fandalàn'ny malagasy ny fihavanana. Ankoatra ny fanampiana avy amin'ny fanjakàna dia tokony entanina sy arindra ihany koa ny fifanampiana avy amin'ny mpiara-monina. Enjehina sy saziana mafy ireo mpanararaotra ny fahakiviana lalina mahazo ny vahoaka, ka mampanjaka ny kolikoly sy ny halatra ary fisolokiana amin'ny endriny samihafa, na mampiakatra ny vidin'entana tsy amin'antony, na manao herisetra amin'ireo tena marefo (ankizy, vehivavy, sns.). Tokony hamafisina ny fanampiana ara-teknika sy ara-bola ireo Indostria na orinasa mamokatra ny "vita gasy" mba hamaly ny filàna fototra sy maika (arovava, savony, sns.). Tsindriana manokana amin'izany ny fanamafisana ny "fikarohana" hampiroboroboana sy hiarovana ny fampiasana ny fanafody nentim-paharazana na raokandro miainga amin'ireo zava-maniry misy eto amintsika.

Eto am-pamaranana dia hamafisina fa mba tsy hisian'ny fanavakavahana sy ho fampandraisana anjara ny tsirairay dia tsy tokony hampiasaina ho fitaovana ara-politika sy entina hampiharana ny fanavahana ara-politika ny fepetra raisina ho an'ny olona marefo sy ny fanandratana ny firaisam-pirenena. Ny fametrahana sy fanindrahindrana "lokon'antoko politika" na iza izy na iza dia tsy mendrika an'izao ady atrehana izao. Araka izany, **ny ROHY dia manome soso-kevitra ny hampiasana satan-tsary iombonana ka ny lokon'ny sainam-pirenentsika no hajaina sy ampiasaina amin'izay seho sy serasera rehetra mifandraika amin'ny COVID-19.**

***Mouvement ROHY, Antananarivo 19 aprily 2020***